

ALAHADY 1 - FIAVIAN'NY TOMPO - B



« Mitandrema, miambena, ary mivavaha, fa tsy fantatrareo izay hiavian'ny fotoana » (Mk. 13: 33)

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo no nankalazantsika tamin'ny fomba manetriketrika an'i Kristy Mpanjakan'izao rehetra izao, Mpanjaka tokoa i Kristy ary tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao. Ny mpanjaka amin'izao tontolo izao dia matetika mpanjakazaka, mpamoritra, manilikilika izay mitovy hevitra aminy. Tena Mpanjaka tokoa I Kristy ary mihoatra noho izany aza satria Andriamanitra Izy. Mpanjakan'izao rehetra izao, Mpanjaka mikolokolo anefa izy, Mpanjaka manompo, Mpanjaka manasoa ny olony sy ny vahoakany ary mitondra azy hivelona ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra. Izy no Mpiandry ondry tsara mahafoy ny ainy ho an'ny ondriny. Izany no maha-modely Azy amin'ny mpanjaka rehetra sy ny mpitondra rehetra na ara-nofo na ara-panahy, ary aminizay manana andraikitra rehetra. Nifampiarahaba isika tamin'ny fankalazana an'i Kristy Mpanjaka satria famaranana ny taona litorjika izany. Milaza miara-mahita fa tena taona hafahafa ho an'ny rehetra iny taona iny noho ny KORONTANAVIRUS. Miatrika ity taona litorjika vaovao ity isika olo Araiky. Mifampiarahaba sy mifampirary soa isika isika amin'izao fanombohan'ny taona izao mba ho taona masina, ho taom-pahasoavana mba ho tena Départ vaovao tokoa ity taona ity, ho pantekoty vaovao mba ho samy ho EOY MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Ho firariantsoa ho antsika mianakavy dia hidramiko ity tenin'I Papa ao amin'ny Antsikilikany vaovao "Fratelli tutti" izay vavaka ihany koa sy fanirianana : Andao hanonofy toy ny olona iray miombona amin'ny mahaolona, toy ny mpivahiny miara-dia mifampizara ny maha-nofo iray iombonana, toy ny zanak'ity tany iraisana ity izay iarahana ialofana, samy manana ny haren'ny finoany sy ny fahalalalany tsy hozongozonina, samy manana ny fiteniny, samy mpirahalaha.(n°8)

Vakiteny I : Iz. 63, 16b-17, 19b; 64, 2b-7
Tononkira : Sal. 26,
Vakiteny II : 1 Kôr. 1, 3-9
Evanjely : Mk. 13, 33-37

Tsy ho tanteraka io NOFY io izany hoe ny DEPART VAOVAO FIAINGANA VAOVAO raha tsy mampanjaka an'i Kristy eo anivontsika isika. Tsy maintsy amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao amin'I Kristy no handrafetantsika ny fiainantsika. Io no atao départ vaovao. Tsy amin'ny alalan'ny

alalan'ny herisetra anefa fa amin'ny alalan'ny fanorenana ny ETA. Izay no maha "génération" mpanorina sy mpanatsara ary mpikolokolo antsika, I Kristy Mpanjaka no modely ho antsika.

Izany no mampiditra antsika amin'ny taona litorjika vaovao ary amin'ny taona fikatrohana vaovao ka handalinantsika izay voafaritra mazava amin'ny HAFATRA FAHA-8 ka hahatonga antsika ho OLOM-PINOANA, OLOM-PITIAVANA, OLOM-PANANTENANA, miainga amin'ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY. Amin'izao fiaviana izao dia HANDRAY AN'I KRISTY isika ka ny modely dia ny FIANAKAVIANA MASINA. Vanim-potoana hivavahantsika sy handalinantsika ny finoana tahaka ny Fianakaviana masina. Raha mahay mandray an'i Jesoa isika dia hiroso amin'ny DEPART VAOVAO TOKOA ho fihariana vaovao vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika "CHANGEMENT RADICAL". Mampiditra antsika tokoa hiaina an'izany izao vanim-potoanan'ny Fiaviana izao.

Raha manao famerenana kely isika ny hoe "Avent, na fiaviana" dia tsara ny mamaritra amin'ny fomba tsotra fa misy fiaviana telo. Tadidintsika tsara fa ny fankalazana ho antsika dia sady fahatsiarovana no mahatonga antsika koa mivelona an'izany fankalazana izany noho ny asan'ny Fanahy Masina. Mankalaza ny fiaviana isika manomboka izao androany Alahady voalohany amin'ny fiaviana izao ka hamakivakiansika herinandro efatra (4) ny vanim-potoanan'ny fiaviana izay mitondra antsika amin'ny Noely. Mtoa isika entanin'ny Eglizy mankalaza an'izany dia ny mba hibanjinantsika ny fiaviana telo :

Ny fiaviana voalohany izay nandrasan'ny vahoakan'Andriamanitra, niandrindra ny vahoaka tamin'izany ka tanteraka tamin'ny fahaterahana sy ny fahatongavan'i Jesoa ho nofo izany fiaviana izany izay fahasoavana ho an'izay nahay nandray azy. Anisan'izany i Masina Maria, i Md Josefa, ireo mpiandry ondry ary ireo vahoaka madinika. Nisy koa ireo tahaka an'i Heroda izay tsy nanokatra ny fony ka tsy nandray an'i Jesoa Kristy mpanjaka.

Fampianarana ho antsika ireo ohatra velona ireo indrindra fa ireo izay niandry, niambina ary nanaiky nandray an'i Jesoa, anisan'izany koa i Joany Batista, i Simeona ary Ana ary ny mpaminany nanomana ny vahoaka hahay handray an'i Jesoa. Izany ny fiaviana voalohany ankalazaintsika sady hiainantsika vokatry asan'ny Fanahy Masina. Haka tahaka an'i Masina Maria isika hiandrindra ny fiavian'ny Tompo ka hahay hanao "Eny" tahaka azy. Haka tahaka an'i Md Josefa ilay lehilahy marina handray an'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika ka hahatonga antsika hamokatra eo amin'ny fiainantsika, Tahaka an'i Joany Batista izay mpaminany nijoro ho vavolombelona satria mila vavolombelona koa ny fiainantsika. Haka tahaka ny fahatsoran'ireo mpiandry ondry ka niara-nidera niaraka tamin'ireo anjely. Haka tahaka an'ireo majy manam-pahaizana nefa nahalala sy nanaiky fa i Jesoa no tena fahendrena indrindra. Izany no mitondra amin'ny fiainana marina.

Ny fiaviana faharoa dia izao iainantsika izao amin'ny alalan'ny Sakramenta sady efa nanaovantsika toro-làlana hahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona satria i Jesoa eo anivontsika ka isika no mitondra Azy eo amin'ny manodidina antsika. Raha mifikitra Aminy isika dia hitoetra ao amin'I Kristy ary I Kristy hitoetra ao amintsika, amin'izay dia hamokatra ny fiainantsika ka hahasoa sy hahatsara ny hafa fa tsy hoe sanatria hifanipaka toy ny valala an-karona isika ka mifamono.

“Génération” mpanorina sy mpampijoro ary mpanatsara sy mpikolokolo fa tsy mpamotika na mpandrava.

Ny fiaviana fahatelo dia iandrasantsika amin’ny fomba manetriketrika ny fiverenan’i Jesoa amin’ny voninahiny. Mampatahotra ny olona izany fa isika kosa noho asan’ny Fanahy Masina dia mivelona an’izany ka miandry am-paharetana sy feno fanantenana.

Ny Tenin’Andriamamnitra arosan’ny Eglizy antsika androany dia efa mampisokatra ny fontsika. Izaia mpaminany ao amin’ny vakiteny voalohany dia milaza *“tongava, sokafy ny lanitra, izay lazaintsika hoe fiadanana, midina ianao, mandrovita ny lanitra dia midina tongava eo aminay”*.

Izany no andrandraintsika ka enga anie hosokafan’Andriamanitra tokoa ny fo amam-panahintsika. Hidina izy handondona amintsika ka anjarantsika ny manolotra ny fontsika.

Ry Kristianina havana raha sokafantsika ny fontsika ka miditra ny Tompo ary mahazo ny fiadanana miaraka Aminy isika dia izay ny fisokafan’ny lanitra izay mampiditra antsika amin’ny fiadanana manampy antsika amin’ny tena départ vaovao satria manambara fibebahana marina. Sokafy àry ny fontsika ka atolory ny hafa, ampidiro ao anatin’ny fontsika i Jesoa nefa aza hidiana na tehirizina ho anao irery fa ento eo amin’ny manodidina antsika mba hanadio ny fiainantsika miaraka amin’i Jesoa isika. Io no manambara fa EOY MISIONERA TABERNAKALA VELONA tahaka an’I Masina Maria isika. Mba hahafantarantsika fa miombona amin’Andriamanitra tokoa isika dia izao fotoan’ny fiaviana izao no hanadiovantsika ny fiainantsika izany hoe hialantsika amin’ny fitondran-tena tsy mendrika an’Andriamanitra. Aoka ho fiainana misy an’Andriamanitra ny fiainantsika fa indrindra ny fianakaviana, Eglizy kely, izay loharanon’ny fahasoavana rehetra amin’ny fiainantsika. Ny fiarahantsika mivavaka anatin’ny fianakaviana no ametrahantsika toerana bebe kokoa Andriamanitra. Aoka ho fianakaviana Eglizy kely mivavaka sy mandalina finoana miandry an’I Mesia tahaka an’ny Fianakaviana Masina (Jereo torolanana any amintsika)

Antintraterin’i Md Paoly koa izany ao amin’ny vakiteny faharoa, taratasy ho an’ny Korintiana, miantefa amintsika ny hafatra napetrany. Aoka ho vonona isika amin’ny fisehoan’i Jesoa, raha manana fiainana miombona amin’i Jesoa isika dia manankarena *“Isaorako an’Andriamanitra mandrakariva ny aminareo, noho ny fahasoavan’Andriamanitra nomena anareo ao amin’i Jesoa Kristy: fa noho ny firaisanareo aminy, tonga manankarena amin’ny zavatra rehetra ianareo, dia amin’ny teny rehetra sy amin’ny fahalalana rehetra; ary noho ny niorenan’ny Evanjelin’i Kristy eo aminareo, dia tsy ho latsa-danja noho ny hafa ianareo amin’ny fahasoavana rehetra, hany ka miandry amim-pitokiana ny fisehoan’i Jesoa Kristy Tompontsika”*.

Raha izao tontolo izao tokoa very “repères”, very “identité” noho izao KORONTANAVIRUS izao, isika kosa manana an’i Kristy izay tsy miova “omaly anio ary mandrakizay” ka afaka manao départ vaovao hatrany miaraka Aminy. Amin’izao vanim-potoanan’ny Avent izao no aoka hanehoantsika ny maha EOY MISIONERA antsika. Miombona amin’I Kristy isika, izany no komonio. Aza hidiana ao am-pontsika i Kristy fa ento eo amin’ny mpiara-belona mba hamokatra. Hiorina amin’izany harena marina izany isika fa tsy sanatria harena diso. Mba tsy ho harena piraty no iainantsika izany hoe harena mitondra antsika hifampialona, hikorontana sy hitondra antsika amin’ny ady isan-karazany.

Ny harena tena izy dia mampiombona fa tsy manavakavaka, tsy manilikilika araka ny “nofin’l Papa” nifiarahambantsika teo sy fifampirariantsika. Tsy ho “nofy” intsony raha sokafantsika ny fontsika ho an’ny hafa.

Izany no dikan’ny hoe “ miambena “ ampianarin’i Jesoa ao amin’ny Evanjely. Miambina isika raha misokatra ny fontsika ka mahita an’izay hafatr’Andriamanitra izay eo amin’ny fiainantsika andavanandro tahaka ny nataon’i Masina Maria, ny nataon’i Md Josefa sy ireo mpiandry ondry ary ny majy. Mihidy ny fontsika raha manao tahaka an’i Heroda satria mitodika amin’ny tenantsika ary izay no tsy hahitantsika ny fiadanana eo amin’ny fiainantsika satria mifanikilika isika, mifanapotika ka zary KORONTAN-DAVA ny fiainantsika.

Sokafy ny sofintsika handre ny hafatr’Andriamanitra dia ny Teniny izay torina amintsika fa indrindra amin’izao Fiaviana izao. Mitoetra ao amin’i Jesoa isika raha mihaino ny teniny sy manatanteraka ny hafany ka manokatra ny sofintsika mba handre ny antso sy kiakan’ireo manodidina antsika. Fantantsika fa mila famonjena izao androntsika izao ka ny tena famonjena dia ny fanolorantsika an’i Jesoa izay tena harena tokoa amin’ireo manodidina antsika.

Sokafy koa ny vavantsika hanambara ny hafalian’ny Vaovao Mahafaly, izany no atao hoe miambina. Mivavaha isika ary mitoria ny hafalian’ny Vaovao Mahafaly amin’ny alalan’ny vavantsika. AOKA HO FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIVAVAKA SY MANDALIM-PINOANA ny fianakaviansika. Izany no atao DEPART VAOVAO PANTEKOTY VAOVAO.

Izany ny fiaviana homanintsika ry Kristianina havana ka miambena ary mivavaha fa izao no andro sarobidy, mialà amin’ny fitondran-tena tsy mendrika an’Andriamanitra, sokafy ny fontsika hahay handray an’i Jesoa. Izy no harena ka mitoera ao Aminy isika dia hamokatra be. Raha mamokatra isika dia hiadam-pinaritra ao Aminy.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô nampianarinao izahay mba hahay handray Anao, hiambina amin’ny fiavianao. Enga anie izahay ho OLOM-PINOANA, OLOM-PANANTENANA, OLOM-PITIAVANA. Ho feno finoana sy fanantenana ary fitiavana izahay ka hanatanteraka ny fiomanana hahay handray Anao. Asainao miambina tokoa izahay mba ho vonona hitsena Anao amin’ny hiavianao eo amin’ny andro iainanay ka hahazoanay ny tena harena dia lanao ka hamokatra ny fiainanay. Enga anie izahay hanana fahasahiana ka hanilika ireo vato misakana rehetra tsy hahaizanay mandray Anao. Enga anie izahay hiala amin’ny harena mandrendrika anay sy ny fiaraha-moninay ary ny fianakavianay, Enga anie izahay mba ho fahazavana ho an’ny hafa ka hitarika azy ireo hiomana koa handray Anao. Amin’izay dia handresy ny ratsy izahay ka hamokatra araky ny sitrakao. Masina Maria Reninay be fitiavana ampianaro izahay hahay handray an’l Jesoa sy hizara azy amin’ny manodidina anay. Ampianaro izahay hadio fo ka ho fonenan’l Jesoa ny fonay, ny fon’ny fianakaviana tsirairay ka zary Eglizy kely tokoa. Eglizy kely mivavaka sy mandalina finoana. Masina Maria virjiny mivavahà ho anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson